# Marathon International de Tana

# Tsy namely ny Malagasy

Tsy araka ny nanampoizana azy ny vokatra niseho nandritra ny hazakazaka lavitr'ezaka 42km izay notanterahina omaly alahady tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely sy nihodidina ny tanàna ka nandraisan'ireo mpihazakazaka kalaza malagasy anjara. Raha tsy nisy vahiny avy any Kenya tonga niatrika ny fifaninanana dia tsy nisy afa-tsy atleta iray



avy atsy amin'ny nosy La Réunion, François Lebon ihany no vahiny namaly ny antso. Noho izany dia betsaka ireo rehetra nihevitra fa ho lasa adin'ny samy atleta malagasy ity marathon indray mitoraka ity.

Ny nifanohitra tamin'izany anefa no niseho fa nampisehoan'ilay teratany renioney ny fahaizany ireo atleta malagasy toa an-dry Haja , Ralala, Joachin , Jean de La Croix ka izy no nitana ny laharana voalohany rehefa nodinganiny nanomboka teny amin'ny 67ha i Jean de La Croix. Teo amin'ny sokajy vehivavy kosa dia nanjaka i Landy rehefa nandingana an'i Marinah teo Ampefiloha.Nitana ny laharana fahatelo kosa i Elysée izay efa sokajy zokiny fa tsy manaiky ho antitra.

Nilaza mazava ny filohan'ny federasiona fa tsy nisy resaka hafa iny hazakazaka iny fa tena tsy afaka ny atletantsika noho ny antony harerahana angamba. "Nahatsiaro ho afa-po avokoa ireo mpifaninana rehetra tamin'ny fikarakarana izay niantsorohan'ny orinasa VIMA sy ny namany nandritra iny Marathon de Tana iny. Na tsy tratra aza ilay minima » 2h 25mn ilaina hahafahana miatrika ny Marathon de Paris izay hatao amin'ny volana avrily 2016 ho avy izao.

**Toy izao ny vokatra :**

Lehilahy :

1 -François Lebon (Réunion) 2h 26mn

2- Jean de la Croix (Crown VKN) 2h 28mn

3- Hajanirina (Cosfa ) 2h 35mn

**Vehivavy :**

1- Ratianarison Landy (COSPN) 3h 18mn 58sec

2- Ramanantenasoa Marinah (CNAPS) 3h 21mn 26sec

3 - Razafimahatratra Elysée (Vétéran) 3h 22 mn 08sec

**José R**